

« Sambatra ny mamindra fo, fa hamindrana fo izy » (Mt 5, 7)

HAFATRA HO AN'NY KRISTIANINA SY IREO TSARA SITRAPO REHETRA

Homba antsika mianakavy anie ny Fiadanana.

Hosokafan'ny Papa Ray Masina Fransoa amin'ny 8 desambra ho avy izao ny vavaravaran'ny Taona Masina momba ny « FAMINDRAM-PON'ANDRIMANITRA », izay hiombonan'ny diosezy tsirairay avy. Asaina hiara-mamakivaky izany taom-pahasoavana manokana izany isika ho fanamasinana koa ny fiainantsika.

I- Miara-dàlana amintsika mandrakariva Andriamanitra.

- 1- Indroa miantoana ny Eglizy no niara-nankalaza ny sinaody ho an'ny Fianakavina, manaporofa fa manan-kasina amin'ny fandavorariana ny maha-olona feno sy manontolo ny fianakaviana. Mampisaotra an'Andriamanitra miaraka amin'ny Papa sy ireo solon-tena niara-dia taminy. Miandry ny fampianarana vokat'izany isika.
- 2- Niombom-po amam-panahy tamin'ny fankalazana JMJ Mada8 tany Fianarantsoa isika mianakavy. Misaotra amin'ny fiaraha-mientana mavitrika. Tsy tanjona iny fa fanomboham-piainana vaovao : « hadio fo hatrany, hahita an'Andriamanitra ».
- 3- Tsy latsa-danja amin'izany ny fankalazana ny taonan'ny fiainan'ny voatokana. Nandalina izy ireo miaraka amin'ny Eglizy mba hampiharihary ny maha-izy azy ireo hahafahany mizara ny hafalian'ny vaovao mahafaly amin'ny maha mpaminany.
- 4- Ankizy sy tanora maro no niara-nankalaza ny taon-jobilin'ny Afafi sy FET, nanehoan'izy ireo fa « ny Fivavahana , ny Tenin'Andriamanitra, ny Eokaristia » no manosika hijoro ho iraka sy ho vavolombelona eo anivon'ny fiainana andavanandro. Mahavelompanantenana ho an'ny Firenena sy ny Eglizy ny fahitana azy ireo miara-mientana.
- 5- Taom-pahasoavana ho an'Eglizy eto Madagasika ity taona 2015 ity, satria diosezy 10 no feno 60 taona. Niara-nisaotra an'Andriamanitra tany Morondava ny Fivondronamben'ny Eveka, notronin' i Mgr Savio HON TAI FAI, sekretera jeneralin'ny Foibe mitantana ny fitoriana ny vaovao mahafaly manerantany any Roma. (Propaganda Fide). Manambara fa efa tsara orina eto amintsika ny Eglizy katolika.
- 6- Nahazo tombom-pitiavana isika eto Madagasikara fa namangy antsika ny « reliques »n'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely sy ireo Ray aman-dreniny, namelona ny finoana sy namohafoha indray ny hasin'ny fianakaviana. Mila olom-baovao ho modely izao androntsika izao, ka ny toe-piainan'izy ireo ho fakantahaka ho antsika.

II- Satria famindram-po Andriamanitra.

- 1- Ny famindram-po no hatsaram-panahy faratampony isehoan'ny toetran'Andriamanitra. Ny fony mihitsy no atolony amin'ny alalan'i Jesoa, teo amin'ny Lakroa. ( jereo Jn 19, 34 ). Io no banjinintsika manoka amin'izao TAONA Masina ho an'ny famindram-pon'Andriamanitra izao, araky ny hafatry ny Papa Fransoa : *“Ny famonjena atolotr'Andriamanitra antsika dia asan'ny famindrampony. Tsy misy asa nataon'olombelona, na dia izay tsara indrindra aza, tokony hahamendrika antsika hahazo an'izany fanomezana lehibe dia lehibe izany. Fa Andriamanitra, noho ny indrafony madiodio, no misintona antsika hiray aminy”* (Hafalian'ny Evanjely, 112).

- 2- Antso avo ho antsika hibebaka sy hihavao izao taona Masina izao mba hirosoana amin'ny fiainam-baovao hahatonga antsika koa ho famindram-po tahaka ny Ray ( Lohahevitra ny Taona Masina). «*Ny Eglizy no tokony ho sehatry ny famindrampo madiodio, ahafahan'ny olona rehetra mahatsiaro tena ho voaray tsara, ho tototra fitiavana, ho voavela heloka, ho nahazo fankaherezana hiaina araka ny lalam-piainana tsara raketin'ny Evanjely*». (Hafalian'ny Evanjely n°114).

### III- Saingy isika no be siasia

- 1- Marary izao tontolo izao noho ny hetraketratsika olombelona. Tsy izao tontolo izao ihany anefa fa ity tanindrazana malalantsika ity koa, ka mila fitsaboana ( jereo - Encyclique Laudato si n°13 -14). Mararin'inona?
- 2- Tsy misy intsony ny fanajana ny soa iombonana, babon'ny fitiavan-tena ny ankamaroan'ny Malagasy ka potika ny fiainana amin'ny lafiny rehetra. Tsy hisy ny fanajana ny soa iombonana raha tsy voafongotra hatrany am-potony ny kolikoly, ny fahalovana, ny tsy fahamarinana, fa indrindra ny vono olona. Jereo ny taratasy efa nosoratanay volana novambra 2012.
- 3- Ny politika mifototra amin'ny lainga sy ny kobaka am-bava dia mibaribary hitam-bahoaka. Tsy misy fanompona fa fitadiavana seza, ka zary fametrahana fianakaviana, havana sy olom-pantatra ary ireo mahaloha vola. Ireo no loharano ipoiran'ity kolikoly ity. Vokatry'izay, tsy ny fahaizana sy ny fahendrena intsony no mampandroso ity firenena ity fa ny vola sy ny fahefana no mibaiko. Dia ho gaga ve isika raha misy sahy mivarotra ny tany nolovaina tamin'ny razana amin'ny vahiny ny sasany ka zary mifampifahavalo ny mpianakavy : miady, mifampitory, mifamono... Mivalaketraka tanteraka ny vahoaka fa tsy hita taratra ny finiavana hanavotra azy ao anatin'ny hantsana mangitsokitsoka.
- 4- Marary ny fihavanana satria ny fihatsarambelatsihy sy ny henamaso no mandrafitra ny fifandraisana, mamatotra ny olona ka tsy afa-mijoro intsony amin'ny fahamarinana. Mba hahatanteraka io hevi-dratsy io dia misy sahy manapotika fikambanana na Eglizy izay manao ho soatoavina ny fihavanana ombam-pahamarinana. Manampy trotraka koa ny fahasimban'ny fiaraha-monina, ny fahapotehan'ny tontolo iainana. Toy ny mandrora mitsilany isika mandrava ny trano iombonana : mikorontana tanteraka ny toetr'andro. Izay mandoro tanety mamono tanteraka ny mahaolona.

### IV- Antsoantson'ny tany karakaina, antsoantson'ny voageja.

Hoy ny Papa : « *Sokafy ny masontsika hahita ny fahoriana eo amin'izao tontolo izao, sy ny ratra mahazo ireo havana maro tsy omen-kasina, ary aoka isika hahatsiaro fa voaantso hihaino ny hiakan'ireo miantso vonjy. Aoka ny tanantsika hifamihina amin'ny tanany, ary hitarika azy ireo hanatona antsika, mba handrenesany hafanana noho isika eo anilany, noho ny fifankatiavana sy ny firahalohana atolotra azy. Aoka ny antsoantsony no ho antsoantsotsika koa, dia hiaraka isika handrodana ny rindrin'ny tsy firaharahana, izay mazana manjakazaka tsy refesi-mandidy mba hanafenana ny fihatsaram-belatsihy sy ny fitiavan-tena » (Ny endriky ny famindram-po, 15)*

Inona àry no havalintsika izany antso avo mahaso avy amin'ny Papa izany ? Mibebaha mba tsy ho mpitazana kanosa. Aza kivy fa mitrakà hatrany.

- 1- Volena amin'ny seha-panabeazana rehetra ( fianakaviana, sekoly, fikambanana ary fiaraha-monina) ny fanajana ny soa iombonana ka hahatonga ny rehetra hahafoy ho an'ny firenena, handresena ny toe-tsaina mitodika mandrakariva amin'ny fitiavan-tena sy ny fihaviana.
- 2- Atsaharo ny politikan'ny fitiavan-tena ho an'ireo rehetra anankinana andraikitra amin'ny fitantanam-bahoaka. Ny atao hoe fanjakana tsara tantana dia miahy ny soa iombonana mifototra amin'ny fanajana ny zo maha-olona sy ny fahaizana mihaino ny feon'ny tsirairay. Esory lavitra ny toe-tsaina manavakavaka eo amin'ny asa fanompoana.
- 3- Asio lanjany sy hasiny ny tontolo iainana satria asan'Andriamanitra io. Ny krizin'ny fiainantsika ankehitriny dia taratry ny fiainantsika anaty karakaina tsy misy fanahy. Mila fibebahana sy fiovam-penitra mahery vaika ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana sy ny zava-boahary. (cf-Laudato si n°217). Asehoy an'asa izany fibebahana takina amin'ny tsirairay sy amin'ny besinimaro izany.
- 4- Marina fa miorim-paka eto amitsika ny Eglizy, mila fikolokoloana maharitra izany. Amin'ny alalan'ny fiainana andavanandro no anehoana ny fibebahana. Miezaha ho vavolombelona toa an'ireo olomasina sy ireo Ray aman-dreny razantsika hendry teto. Izaon'ny taon-jobily izao dia vanim-potoana lehibe hiainantsika ny famindram-pon'Andriamanitra, mitondra antsika hihavao ho an'ny fahamasinana. Miombombavaka amin'ny Papa isika manao hoe : « *Tompo ô, izaho no nanaiky ho voafitaka, ary maro ny fomba nandositra ny fitiavanao, saingy inty aho tonga eto indray, hanavao ny fanekempihavanako aminao !* (Hafalian'ny Evanjely 3).

Miombona amin'ny Eglizy manerantany ary isika mandritra izao Taona Masina izao. Enga anie tsy hihazakazaka any amin'ny tontolom-pahafatesana fa hifampitantana ho any amin'ny fahavelomana arafitry ny fitiavana sy ny fiadanana. « « Sambatra ny mamindra fo, fa hamindrana fo izy » (Mt 5, 7) »

Masina Maria mpanjakavavin'ny Fiadanana, mpiaro an'i Madagasikara anie hitari-dàlana sy hitalaho ny famindram-pon'Andriamanitra ho antsika.

Mitso-drano anareo izahay Eveka, Ray aman-dreninareo.

Antananarivo anio, 12 novembre 2015

Fetin'ny Masindahy Josaphat, Eveka Martyry

Mgr TSARAHAZANA Désiré, Arsevekan'i Toamasina, Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagascar  
 Mgr RAMAROSON Marc Benjamin, Arsevekan'Antsiranana, Filoha lefitra  
 Mgr RANAIVOMANANA Philippe, Evekan'Antsirabe, Sekretera Jeneraly  
 Mgr RAZANAKOLONA Odon Marie Arsène, Arsevekan'Antananarivo  
 Mgr RABEONY Fulgence, Arsevekan'i Toliary  
 Mgr RABEMAHAFALY Fulgence, Arsevekan'i Fianarantsoa,  
 Mgr Georges VARKEY, Evekan'i Port-Bergé  
 Mgr ROSARIO Saro Vella, Evekan'Ambanja  
 Mgr RAKOTONDRAJAO Roger Victor, Evekan'i Mahajanga  
 Mgr RAOELISON Jean de Dieu, Evekan'Ambatondrazaka  
 Mgr DI PIERRO Gaetano, Evekan'i Moramanga  
 Mgr RANDRIAMAMONJY Marcellin, Evekan'i Fenoarivo Atsinanana  
 Mgr BOMBIN ESPINO Gustave, Evekan'i Tsiroanomandidy  
 Mgr RANDRIANARISOA Jean Claude, Evekan'i Miarinarivo  
 Mgr RAKOTONARIVO Fidelis, Evekan'Ambositra  
 Mgr CAIRES DE NOBREGA José Alfredo, Evekan'i Mananjary, Administrateur Apostoliquen'i Farafangana  
 Mgr RAZAKARIVONY Fulgence, Evekan'Ihosy

Mgr RAKOTOZAFY Vincent, Evekan'i Tolagnaro  
Mgr ROBASZKIEWICZ Zygmunt, Evekan'i Morombe  
Mgr RAHARILAMBONIAINA Marie Fabien, Evekan'i Morondava  
Mgr MALO Michel, Evêque Emérite d'Antsiranana  
Mgr RANDRIAMBOLOLONA Philibert, Archevêque Emérite de Fianarantsoa  
Mgr RAZAKARIVONY Raymond, Evêque Emérite de Miarinarivo  
Mgr SCOPELLITI Antoine, Evêque Emérite d'Ambatondrazaka  
Mgr ZEVACO Pierre, Evêque Emérite de Tolagnaro  
Mgr PELLETIER Donald, Evêque Emérite de Morondava  
Mgr TOASY Armand, Evêque Emérite de Port-Berger